
# TORITENY – ALAHADY FANKALAZANA NY NANOKANANA NY BAZILIKAN'I LATRAN TAONA D 2025



## "Aza atao trano fivarotana ny tranon'ny Raiko."

Andro lehibe ho an'ny Eglizy erantany ny andro anio satria anio no ankalazana amin'ny fomba manetriketrika ny Bazilikan'i Md Joany ao Laterano izay Katedralin'i Papa izany hoe Renin'ny Eglizy rehetra eran-tany ary izany no mahatonga ity Alahady ity tsy fankalazana ny Alahady tsotra mandavantaona faha 32.

Noho izany tsara manararaotra izao manao tantara fohy mikasika azy sy mikasika ny ETA izany hoe ny Eglizy tranon'Andriamanitra sy ny mikasika ny EOV Eglizy Olona Velona fa indrindra efa manakaiky ny fankalazantsika ny Sinaody sy ny fidirantsika amin'ny varavarana masina amin'izao taon-jobily sy fankalazana ny faha-70 taonan'ny diosezy izao.

> ***Vakiteny I :*** ***Ez 47, 1-2.8-9.12***
> ***Salamo :*** *Sal. 45*
> ***Vakiteny II :*** *1Kor 3, 9b-11.16-17*
> ***Evanjely :*** *Jn 2, 13-22*

Ny Bazilikan'i Md Joany ao Laterano no eglizy voalohany naorinan'ny Kristianina taorian'ny fampitsaharana ny fanenjehana tamin'ny andron'i Emperora Constantin Lehibe (taona 324). Noho izany, izy no renin'ny eglizy rehetra eran-tany.

Na dia fantatra aza fa ao amin'ny Bazilikan'i Md Piera (Saint-Pierre de Rome) no anaovan'ny ny Papa fankalazana maro, ny Eokaristia matetika, dia ao Laterano no katedraliny ofisialy, satria ny Papa dia Evekan'i Rôma.
Ny fankalazana ny fitokanana ny Bazilikan'i Md Joany ao Laterano dia atao isaky ny 9 Novambra isan-taona, eran-tany. Tsy ho an'i Rôma ihany, fa ho an'ny Eglizy Katolika manontolo, satria manambara ny fiombonan'ny eglizy rehetra amin'ny Papa sy amin'ny Eglizy reny ao Rôma.
Tao Laterano no nampiantsoana sy nanatanterahana konsily maro (Conciles du Latran) nandritra ny taonjato maro. Ao ihany koa no misy ireo relika masina sy ny lapan'ny Laterano, izay hoe toeram-ponenan'ny Papa talohan'ny nipetrahany tao Vatikana. Hamaranantsika ny tantara dia mikasika ny anarany. Tamin'ny voalohany dia natokana ho an'i Kristy Mpamonjy (Christus Salvator) ilay bazilika, ary natokana ihany koa ho an'i Md Joany Baptista sy Md Joany Evanjelista.
Izay ny mikasika ny tantara fa andao handinika ny tenin'Andriamanitra atolotry ny Eglizy amin'ny fankalazana anio iska.
Ry kristianina havana malala, ao amin'ity Evanjely ity dia hitantsika i Jesoa niditra tao amin'ny Tempoly tany Jerosalema. Nandritra ny Paka jody izany, fotoana masina indrindra ho an'ny vahoaka. Kanjo tsy hita intsony ny hafaliana sy ny fahatsiarovana ny fitiavan'Andriamanitra, fa fivarotana sy fandraharahana no niseho tao amin'ny toerana masina. Dia tonga i Jesoa, samy hafa ny fahitany izany: tsy afaka nijanona mangina Izy. Avy hatrany dia nandroaka ireo mpivarotra, nanary ny vola sy ny latabatra, nandroaka ny omby sy ny ondry. Mety tafintohina isika mahita izany. Misy dikany lalina anefa io fihetsika nataon'i Jesoa io.
Ho an'ny Jody, ny Tempoly no toerana manambara ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny vahoaka. Izy no toerana ametrahana fanatitra sy hivavahana. Fa nanjary trano fivarotana ilay toerana masina, nisy kolikoly, tombontsoa manokana, ary very hevitra ny fanompoam-pivavahana marina.
Tsy eken'i Jesoa izany satria ny fivavahana dia tsy azo atambatra amin'ny fitiavam-bola na ny tombotsoan'ny tena. Raha tonga ao an-deglizy isika dia tsy ny ho hitan'ny olona, fa ho fihaonana amin'Andriamanitra. Hoy i Jesoa: "Aza atao trano fivarotana ny tranon'ny Raiko."
Rehefa nanontany Azy ny Jody hoe: "Amin'ny famantarana inona no anehoanao fa manan-jo hanao izany zavatra izany ianao ?", dia hoy Izy: "Ravao ity Tempoly ity, fa amin'ny telo andro dia hatsangako indray."
Tsy ny trano vato no tiany holazaina, fa ny tenany, satria Izy no Tempolin'Andriamanitra velona, Izy no toerana hihaonan'ny olombelona sy Andriamanitra. Rehefa maty sy nitsangan-ko velona Izy, dia Izy no Tempoly vaovao izay hanome fiainana ho antsika rehetra.
Noho izany, ny fahasoavan'ny Batemy dia fantaro fa zary Tempolin'Andriamanitra, kristianina, iray aina amin'i Kristy. Aoka samy handini-tena manao ahoana ny fontsika? Inona no hitan'i Jesoa ao ? Fitiavana ve sa fialonana ? Fihavanana ve sa fitiavan-tena ? Fanetren-tena ve sa avonavona ?
Tahaka ny nataon'i Jesoa tany Jerosalema, dia te-hanadio ny fontsika izy, te-hanaisotra izay rehetra manakana ny fisian'ny Fanahy Masina. Tsy te-hamelona alahelo na fahotana ao anatintsika Izy, fa te-hameno antsika amin'ny fitiavana, ny fahamarinana, ary ny fahafahana.

Azo lazaina fa antso ho amin'ny fiovam-po sy fanavaozana izao fankalazana izao fa indrindra isika miditra amin'ny fankalazana ny Sinaody izao fa indrindra ny lohahevitra amin'izao fijanonana faha-3 dia manasa antsika handinika ny fiaraha-moninantsika izany hoe ny fifandraisantsika, fifandraisana amin'ny zava-boary, amintsika samy isika, amin'Andriamanitra. Tsy afaka hifampitsimbina, hifanasoa, hikatsaka ny soa iombonana raha tsy mahay manadio ny fontsika izay loharano sy fototra ny fifandraisana. Aoka àry samy vonona hanary izay zavatra rehetra manimba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, amintsika samy isika, amin'ny zavaboary.

Ahoana ny hahatongavantsika amin'izany fa indrindra ny tontolo manodidina manery antsika. Hafa tokoa ny hevitr'izao tontolo izao. Ny azy dia fitiavan-tena no atao ambony ka manilikilika ny hafa ka zary ny herisetra no filamatra. Indrisy samy vavolombelona izany isika. Inona no atao? Izao indrindra ny andro tsara, androm-pahasoavana hanavaozantsika ny toky tamin'ny batemy ka hanavao ny fanoloran-tena ka hivelomantsika ny fitiavana, ny fahamarinana, ny fihavanana hanasitrana izao tontolo izao.

Aoka ho tsapantsika fa ny Eokaristia no fotoana iray hahatongavan'i Jesoa ao amin'ny Tempolin'ny fontsika, hanadio sy hanavao antsika indray amin'ny Teniny sy amin'ny Vatany ka hanatanterahiny izay nataony tao an-tempoly. Io indrindra ny voalazan'i Md Paoly androany. « Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo ? Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia ho ravan'Andriamanitra izy; fa masina ny tempolin'Andriamanitra, ary ianareo no izany tempoly izany." Noho izany dia tsy irery isika amin'ny ady sy dia ataontsika fa miaraka amintsika i Jesoa.

Tsy maintsy mandresy isika miaraka Aminy. Io indrindra no ambaran'i Ezakiela amin'ny vakiteny voalohany "ho loharano tsy ritra ho maitso lalandava" satria rafitra mamelona no apetratsika miainga avy amin'izao Sinaody izao fa tsy rafitra mamoritra vokatry ny fitiavan-tena, lainga, fitapitaka, avonavona, fialonana.

Aoka àry ry Kristiana havana, tsy ho trano fivarotana na toerana mitady tombontsoa ny fiainantsika kristianina, fa ho Tempolin'ny Fanahy Masina. Aoka ny fiainantsika manontolo ho toerana ivavahana, hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy hanehoam-pitiavana ny hafa.

Ry Jesoa zokinay misaotra Anao izahay noho ny fanomezanao anay ny Eglizy, toerana hifandraisanay Aminao sy hifankatiavanay. Enga anie ho EOV tokoa izahay ka vonona mandrakariva hanorina ETA Eglizy tranon'Andriamanitra.

Ry Jesoa Zoky ô, mazava ny fihetsikao, ny fampianaranao ho anay niany ka aza misalasala miditra ao am-ponay, diovy amin'ny fahotana sy ny fitiavan tena izahay. Ataovy toerana ivavahana sy anjakan'ny fiadanana ny fonay, mba hitoeran'ny Fanahinao Masina. Masina Maria Renin'i Jesoa, ampianaro izahay mba hadio fo ka hahatonga anay ho Tabernakla velona ho zary mpivahinin'ny Fanantenana mamafy fiadanana, hafaliana sy fihavanana tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany ankininay aminao izao fantanterahana ny sinaody izao. Enga anie noho ny vavaka ataonao dia mba ho zary Senakla ho anay ny dinika sy vavaka rehetra hotanterahanay. Amen

Mompera Eveka Ramaroson Benjamin, cm